# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Aogositra 2018

# 19 **Alahady** aogositra

**Mitoera atỳ aminay; fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro. Dia niditra hitoetra tao aminy Izy *(Jesosy)*.** Lioka 24. 29

**Tsy nahita olona intsony, afa-tsy…**

Nipetraka vao haingana tany amina trano fikarakarana beantitra i Marie. Tonga namangy azy ny zanany sy ny zafikeliny, anikeheo. Nikotaba sy falifaly erỳ tao an'efitranokeliny ; tena nahasoa azy ny fanehoan'ny ankohonany ny fitiavan'izy ireo azy. Fa ankehitriny kosa, hariva ny andro, efa lasa avokoa izy rehetra. Nasesin'i Marie nojerena ireo sary marobe eran'ny rindrin'ny efitranony. Eny, tena efa lasa nody tokoa izy ireo… Misy andinin-tSoratra Masina nataony talaky maso, eo ambony latabatra kely eo an-dohafandriany. Nitopy teny ny masony : „Nony nijery manodidina izy ireo, dia *tsy nisy hitany intsony na iza na iza, afatsy Jesosy irery ihany*, Izay teo aminy" (Marka 9. 8). „Eny, hoy i Marie anakampo sady feno fankasitrahana, Izy mba tsy mandeha mody, na hariva aza ny andro. Mijanona eto anilako Ilay Mpamonjy malalako, ka tsy irery aho."

*Tsy nisy hitany intsony na iza na iza, afa-tsy Jesosy irery ihany, Izay teo aminy* : izao andalovan'i Marie izao dia mety hiainana mpianatra manirery ao an'efitranony koa, rehefa niverina avy namangy ny fianakaviany tamin'ny faran'ny herinandro ; na voafonja iray, irery ao anaty efitrano itanana azy, lavitra ny ankohonany ; na mpitondratena, mieritreritra ny vadiny efa tsy eo intsony ; mety hiainako koa…

Isika rehetra dia samy manana fotoana maha manirery antsika, ary tena mafy izany, indraindray. Na eo anivona vahoaka be aza, dia mety hahatsapa tena ho irery. Nefa ho an'ny olony, Jesosy dia mampanantena tsy misy fepetra, hoe : „Indro, Izaho momba anareo mandrakariva" (Matio 28. 20).

Jesosy, Izy tenany mihitsy, dia efa nandalo fotoana naha irery Azy koa ; mampahery antsika ny ohatra omeny, nilaza tamin'ny mpianany rehetra efa handao Azy, hoe : „Hilaozanareo ho irery Aho ; kanefa tsy irery Aho, fa ny Ray no ato amiko" (Jaona 16. 32).